REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana
MINISTERE DES AFFAIRES ETRANGERES

# FANAMBARANA

Mitohy hatrany ny fifampiraharahana amin'ny Fanjakana Afrika Atsimo sy ny Fanjakana Malagasy amin'ny fampodiana eto Madagasikara ireo volamena 73,5 kilao voatazona any Afrika Atsimo sy ireo telo lahy nanondrana azy an-tsokosoko, amin'ny alalan'ny Ministeran'ny Raharam-bahiny izay miara miasa akaiky amin'ny Ministeran'ny Fitsarana sy ny Ministeran'ny Harena an-kibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika.

Tamin'ny fotoam-pitsarana ny 4 Mey 2021 dia nolavin'ny Fitsarana Afrika Atsimo ao Kempton Park ny fangatahana fahafahana vonjy maika arahina antoka (*demande de liberté sous caution*) nataon'izy telo lahy, araka ny didy izay nivoaka ny andron'io. Didy farany nivoaka io taorian'ireo fanemorana maro nifanesy voalaza tamin'ny Fanambarana tany aloha. Ny fandavana dia noho ny fisian'ny fangatahan'ny Fanjakana Malagasy ny hampodiana azy telo lahy ireo izay efa eo andalam-pandinihana eo anivon'ny Fanjakana Afrika atsimo, noho ny vesatrin'ny heloka iampangana azy ireo aty Madagasikara, noho ny fahatsapan'ny Fitsarana fa tsy azo ametraham-pitokisana izy ireo ka ahiana mafy ny handosirany hivoaka ny sisintanin'i Afrika Atsimo raha omena fahafahana vonjy maika, ary farany dia noho ny fahatsapan'ny Fitsarana fa manohintohina ny filaminana anatiny ny heloka iampangana azy ireo.

Etsy andaniny ary mikasika ny fandinihana ilay fangatahana ny fampodiana voalaza etsy ambony (*demande d'extradition*) dia tsara ny manamarika fa mandalo dingana maromaro izany araky ny lalàna manankery any Afrika Atsimo. Koa rehefa avy nanaiky ny handinihana ny fangatahan'ny Fanjakana Malagasy ny Minisitry ny Fitsarana Afrika Atsimo dia fantatra fa nankatoavin'ny Filohan'ny Repoblikan'ny Afrika Atsimo ihany koa izany fandinihana izany. Ny dingana manaraka dia ny fandinihan'ny Fitsarana Afrika Atsimo ny amin'ny hanekena na tsia ny fampodiana ireo telo lahy voampanga, araka ny fehin-kevitra naroson'ny Fanjakana Malagasy. Manaraka akaiky ireo dingana ireo ny Fanjakana Malagasy amin'ny alalan'ny Masoivohon'i Madagasikara any an-toerana.

Mikasika ny fangatahana fampodiana ireo volamena nogiazana kosa dia mbola mitohy ny fifampiraharahana eo amin'ireo tompon'andraikitra Malagasy sy Afrikana Atsimo.

Ankoatran'ny fangatahan'ny Fanjakana Malagasy dia mbola voampanga eo anatrehan'ny Fitsarana Ambony Afrika atsimo ihany izy telo lahy noho ny fandikana ny lalànan'ny fadin-tseranana sy ny hetra any an-toerana. Efa resy teo anatrehan'ny Fitsarana Ambony tao Afrika Atsimo izy telo lahy miaraka amin'ny orinasa Parpia Gold and Jewels Trading LLC izay nitonona ho tompon'ny volamena sy mpampiasa azy ireo. Tsy neken'io Fitsarana Ambony io ny filazana fa tsy ara-dalàna ny fisamborana azy telo lahy sy ny hamerenana aminy ny volamena nogiazana tany Afrika Atsimo.

**Antananarivo, faha 6 Mey 2021**